# 5 NY TAMBIN-TENY

## LOHAHEVITRA

- Manavaka ny tambin-teny amin'ny teny hafa ao anaty fehezanteny iray.

## LESONA HO TADIDINA

**Inona moa ny atao hoe tambinteny**

Ny tambin-teny dia teny kely mamaritra na manamafy na manalefaka hevitra ao anaty fehezanteny. Mipetraka mandrakariva aorian'ny teny iarahany na ny teny faritany na ny teny hamafisina na ny teny halefahana ka mitana anjara asa ZP hatrany.

**Isan'ny tambinteny ny :**

mihitsy, lava, foana, tampoka, hatrany, angamba, fatratra, indrindra, tsara, kely, ihany, izany, kosa, mantsy, tokoa, …

ohatra :

F1: Ny fianakaviana sasany kosa miala sasatra eo an-tanàna ihany.
L ZP ZP EM RF ZP

F2: Mifanampy tokoa ny mpianakavy indrindra amin'ny fanomanana sakafo.
EM ZP L ZP RF

## SAHANASA 1

Ampidiro ho ao anatin'ireo fehezanteny etsy ambany ireo tambin-teny manaraka ireto: mihitsy, lava, foana, tampoka, hatrany, angamba, fatratra, indrindra

F1 : Mampanavy ny voankazo manta.

F2 : Nampanansoin'ny mpampianatra ny ray aman-drenin'ireo tara.

F3 : Manavy io zaza io fa miakatra ny hafanany.

F4 : Nirotsaka ny orana ka tena kotsa ny fitafiana teny an-kodiny.

F5: Nasain'ny mpitsabo nihinam-panafody izy mba ho sitrana.

F6: Nahazo valisoa mendrika ireo mpianatra mahay.

F7: Miezaka ny mpianatra te ho tafita.

## SAHANASA 2

Manomeza fehezanteny dimy ahitana tambin-teny fantatrao